TSIROANOMANDIDY 4

# FATIN-DEHILAHY RAKOTRA TSATOK'ANTSY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7502 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 21 febroary 2023


MARINA IZANY ! 7

## VERY HASINA !

RIVODOZA FREDDY - ATSINANANA 8

## MIATO NY FAMPIANARANA MIJANONA NY ZOTRA NASIONALY SY REZIONALY

MASY GOULAMALY 7

## KANDIDA FAHA-4 HO FILOHAM-PIRENENA




GOVERNEMANTA 7

# MINISITRA VAOVAO VALO MIANADAHY



Gal Josoa Rakotoarijaona



Yvette Sylla



Landy Mbolatiana Randriamanantenasoa



Rivotiana Richard Jean Bosco



Valery Ramonjavelo



Soloniaina Andriamanampisoa



Haja Resampa



Kly Ndriamihaja Randrianatrehana

FILANKEVI-PITANTANAN'NY OMDA

## HO FANTATRA AMIN'NY HERINANDRO IZAY HANDIMBY AN'I FRANCIS TURBO 3

BERAJO - JET KINTANA 2

## HOTSAPAINA AMIN'NY EKIPA MARO ANY EORÔPA









Kitra - JET Kintana

# Hotsapaina amin'ny ekipa maro any Eorôpa i Berajo



**I Berajo miaraka amin'ireo mpitantana ny FC Swift Hesper.**

Niainga teto an-tanindrazana, afaka omaly alina, ho tsapaina amin'ny ekipa maro any Eorôpa i Solonaina Rajo Nirina na i "Berajo", mananika ny faha-25 taona niainana, mitana ny toeran'ny vodilaharana afivoan'ny JET Kintana Itasy sy ny Barea de Madagascar. Ny ekipan'ny FC Swift Hesper klioba any Luxembourg no hitsapa azy voalohany, izay manana toerana tsara hiatrehana ny UEFA Champion's League. Soritana fa efa nialoha làlana aza nankany ivelany ny filohan'ny ekipany, Atoa Lova Ramisamanana, izay mitarika ny diany amin'izao fiatrehany lalao fitsapana maro izao. Zava-dehibe amin'ny fampivelarana ny fahaiza-manaon'ny mpilalao tokoa izao fitadiavana làlana ho azy ireny izao, hilalao amin'ny ekipa any Eorôpa, fa tsy ho voafaritra aty anivon'ny Oseanina Indianina fotsiny ihany no hanehoany ny talentany. Araka ny fanamarihana nataon'ny mpitantana ny JET Kintana, dia efa mialoha ny niatrehana ny CHAN 2022 tany Algerie no saika niondrana nankany ivelany i Berajo. Ho fiarovana ny voninahi-pirenena anefa dia voatery nijanona izy, namita ny adidiny. Azo lazaina fa tena tontosany tokoa izany satria azon' ny ekipam-pirenentsika ny laharana fahatelo, na dia vao sambany aza no niatrehana ny fifaninanana. Anisan'ny mpilalao namiratra ny lehilahy, na dia tsy nisalotra ny anaram-boninahitra ho "Man Of Match" aza, niaraka tamin'i Datsiry sy Darado "Rado Kely", izay niara-nobeazina taminy tany amin'ny faritra Alaotra Mangoro, ary efa niaranilalao taminy tao anatin'ny ekipan'ny FC Zanakala Matsiatra Ambony ihany koa.

**aris rafaly**

Rugby - COSFA # FTM

# Mendrika sazy ny zava-niseho, hoy i Coralie avy amin'ny World Rugby

Mendrika sazy ireny zava-niseho tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka ireny, hoy ramatoa Coralie Van den Berg, solontenan'ny World Rugby omaly tetsy amin'ny foiben'ny Malagasy Rugby Ankorondrano. Nahafinaritra, hoy izy ny nahita ny hamaroan'ny mpijery baolina tonga teny, ny kalitaon'ny lalao saingy nandiso fanantenana ahy ny fiafaran'ny fihaonana. Antenaina fa tsy hiverina intsony ny toy ireny, hoy izy. Ankoatra izay, nanambara ho afa-po tamin'ny fitsidihana nataony teto ny tenany, izay tsiahivina fa nanao "évaluation" sy nijery ny tena zava-misy marina eo anivon'ny Malagasy Rugby. Nanaitra ny "World Rugby" ny fahitana ny fitombon'ireo mpilalao manana kara-pilalaovana eto amintsika, izay manodidina ny 70 000. Eo ihany koa ny hamaroan'ny mpijery baolina, izay isika no faharoa aorian'ny Afrika Atsimo. Nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny hetsika "Get into Rugby 2.0", izay fifaninanana natokana ho an'ny latsaky ny 16 taona lahy sy vavy ihany koa izy, izay firenena 8 maneran-tany no hisitraka izany ka ho an'ny aty amin'ny kaontinanta afrikanina dia i Madagasikara sy Zimbaboe no voasafidy, miaraka amin'i Brezila, Inde, Canada, Pays bas. Tamin'ny alakamisy lasa teo no tonga teto ity iraky ny World Rugby ity, izay nijery ihany koa ny fotodrafitrasa handraisana ny dingana famaranana amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika, ho an'ny vehivavy seniors à 15. nana iraisam-pirenena vaovao WXV, hatao amin'ny faraparan'ny taona ny ekipa roa voalohany amin'io. Midika izany fa zava-dehibe ity fifaninanana ity, izay hanaovan'ny Malagasy Rugby antso sahady amin' ny fifanomezan-tanana, na eo amin'ny fikarakarana izany na eo amin'ny fanohanana isan-karazany. Raha hiverenana ny zava-nitranga tetsy amin'ny kianja Makis

*Misokatra ho an'ny rehetra ny varavaran'ny Malagasy Rugby, hoy i Marcel Rakotomalala, fa mandainga ireo milaza fa tsy mety mihaona aminy ny tenako.*

Mahakasika izay, hisy ny fanatsarana sy fanavaozana ny kianja Makis, hoy Rakotomalala Marcel, filohan'ny Malagasy Rugby, raha tsy tratra kosa izany, dia eny amin'ny kianja Barea no hanatanterahana ity lalao goavana ity. Ny ekipam-pirenen'i Kenya, Afrika atsimo, Kamerona ary Madagasikara no hifaninana amin'izany, ka efa natsidik'i Coralie Van den Berg sahady, fa ankoatra ny anaram-boninahitra, hahazo tapakila fandraisana anjara amin'ilay fifaninanana tamin'ny faran'ny herinandro teo, "tsy maintsy hojeren'ny teknisiana iny, ka hakana fepetra daholo", hoy ny filohan'ny Malagasy Rugby, izay teo ny tsy fanajana ny mpijery marobe tonga teny sy vahiny ary ny rafitra misy eo anivon'ny Malagasy Rugby. Nohamafisiny, fa hisy ny "lettre d'engagement" ataon'ny fileovana tsirairay, mialoha ny fanombohan'ny fifaninanana, izay amin'ny faran' ny herinandro izao.

**Rabenaivo**

Basket - "Alley Hoop 3x3"

# Sokajin-taona 3 no handray anjara amin'ny fifaninanana

Hangotraka ny fifaninanana amin'ny taranja basket-ball lalaovin'ny olona telo miaraka "*Alley Hoop 3x3*", andiany faharoa, tanterahina eny amin'ny kianja Barea de Madagascar Mahamasina amin'ny zoma 3 sy sabotsy 4 ary alahady 5 martsa 2023, izay karakarain'ny Radio Des Jeunes miaraka amin'ny federasionina (FMBB). Sokajintaona telo no handray anjara amin'ny fifaninanana ka : - Eo amin'ny latsaky ny 17 taona dia ahitana ekipa lahy sy vavy 32 – Toraka izany koa ny isan'ny ekipa mifaninana amin'ny sokajy latsaky ny 23 taona lahy sy vavy – 16 kosa ny isan'ny ekipa lahy sy vavy ao amin'ny sokajy « Senior », izay marihina fa natokana ho an'ny mpilalao mifaninana amin'ny "N1A" sy "N1B" avy amin'ny klioba federaly irery ihany. Ny faran'ny fisoratana anarana dia amin'ny alarobia 1 martsa 2023, ka eny amin'ny foiben'ny RDJ Analakely no hangalana ny taratasy, hamenoana ny anaran'ny ekipa sy ny mpilalao (sary tapaka) mandray anjara amin'ny fifaninanana. Ny tanjona tiana ho tratrarina amin'ity fifaninanana ity, dia hitiliana sahady ny mpilalao tanora "U23" hiatrika fifaninanana iraisam-pirenena, toy ny lalaon'ny firenena mampiasa sy miteny frantsay (vehivavy : 5x5) ary ny lalao afrikanina, izay ny ekipam-pirenentsika no tompondakan'izany farany. Eo amin'ny sokajy "Senior" kosa indray no handrafetana ny ekipa lahy sy vavy iray avy, hiaro ny voninahipirenena amin'ny lalaon' olona "5x5" sy ny "3x3" eo amin'ny fifaninanana iraisampirenena "World Cup – World Cup Qualifier". Ampatsiahivina fa tamin'ny taona 2019, andiany voalohany, dia nolalaovin'ny mpilalao dimy ny "Alley Hoop" fa niova ho an'olona telo miaraka kosa izy izao. Ny ekipan'i Bila sy ry Faralahy no tompondaka teo amin'ny lehilahy ary ry Vola sy ny namany kosa ny vehivavy.

**aris rafaly**

MJS

# Voatendry ho Minisitra i Haja André Resampa

Niova ny minisitra mitantana ny departemantan'ny tanora sy ny fanatanjahantena. Voatendry, omaly, isahana izany andraikitra izany Atoa Haja André Resampa, izay nisolo ny toeran'i Tinoka Roberto. Asa makadiry maro no miandry an'ity minisitra vaovao ity, ka ny lohalaharana amin'izany dia ny fandraisantsika ny Lalaon'ny Nosy amin'ny 23 aogositra 2023 ka hatramin'ny 3 septambra 2023, ary ny faharoa kosa dia ny famahana olana eo anivon' ny federasionina sasany. Soritana fa namorona sy nisahana ny filohan'ny federasionina tamin'ny dihy "spaortiva" i Haja André Resampa.

**a.r**


À VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY TARIKA

mahaleo



Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity

Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

Filankevi-pitantanan'ny Omda

# Ho fantatra amin'ny herinandro izay handimby an'i Francis Turbo

Tamin'ny 24 janoary teo no lany ireo mpikambana eo anivon'ny filankevi-pitantanan'ny Omda. Araka ny resaka nifanaovanay tamin' ny tale jeneralin'ny kolontsaina, Atoa Francis Razafiarison. Efa misy ny fampiantsoana ireo mpikambana vaovao ireo hivory amin'ny herinandro miditra io. Amin' izay fotoana izay, no ho fantatra izay ho filohan'ny filankevi-pitantanana vaovao handimby an'i Francis Turbo. Fa etsy ankilan'izay, ao anatin'ny fivoriana voalohany io ihany koa, no hanoritsoritan'ireo mpikambana vaovao ny fomba hanatsarana ny fitantanana ny Omda. Mazava ho azy, fa rehefa miresaka Omda, dia ny zon'ny mpamorona no resaka. Nohamafisin'ny tale



Handimby an'i Francis Turbo izay lany amin'ireo mpikambana vaovao.

jeneralin'ny kolontsaina anefa, fa tsy hamaha ny olan'ny artista amin'ny fandraisana ny zony izany rehetra izany. Efa herintaona latsaka iray volana mantsy izao no tsy nandray ny zony intsony ireo mpikambana eo anivon'ny Omda no ho ny tsy fisian'ny tale hanao sonia ny famoahana ny volan'izy ireo.

*"Tsy miankina velively amin' ireo mpikambana eo anivon' ny filankevi-pitantanana ny hoe handraisan'ny mpikambana ao amin'ny Omda ny zony. Miankina amin'ny fanendrena ny tale vaovao hitantanana ny Omda izany. Efa voalazanay hatrany fa efa nisy ny anaran'olona mahafeno ny fepetra natolotry ny Ministera, holaniana eo anivon'ny filan-kevitry ny governemanta. Miandry izay fankatoavan'ny filan-kevitry ny Minisitra izay olona izay ny handraisan'ny mpanakanto mpamorona ny zony. Tsy misy afaka manao sonia ny vola mivoaka afa-tsy ny tale nankatoavin'ny filan-kevitry ny Minisitra, izay hoe nekena ary soniavin'ny filohan'ny repoblika* », hoy ihany izy.

**Fy**

"Award Music Evangelique" andiany faha-4

# Hetsika natao hankasitrahana sy hankaherezana ny mpanakanto ara-pilazantsara

Miditra amin'ny andiany faha-4 amin'izao fotoana izao ny hetsika ny "Award Music Evangelique" izay karakarain'ny AME na ny Amitie Mozika Evangelika. Hetsika natao hankasitrahana sy hankaherezana ny mpanakanto ara-pilazantsara tamin'iny taona 2022 izy io noho ny fahatsapan'ny mpikaraka fa mendrika ny hahazo izany ihany koa ny mpanakanto ara-pilazantsara. Misy hatrany ny zavabaovao entin'ny mpikarakara isan-taona ka ny nampiava ny tamin'ity taona ity dia ny tsy fisian'ny fankasitahana ho an'ny olon-droa mampiara-peo amin'ny hira Ara-pilazantsara izay tsy dia nisy firy raha araka ny fanazavan'i Jonathan Rasamiony, tompon'andraikitra sady mpikarakara ny "AME". Nesorina ihany koa ny tarika na mpihira nanaitra sy nambabo fo ny mpitsara (Coup de Coeur) satria ny hira ara-pilazantsara dia tsara sy manaitra avokoa. Mbola tsy fantatra aloha ny andro sy ny fotoana ary ny toerana hanatanterahana ny fanolorana ny amboara



Sary tahiry mikasika ny fizarana mari-pankasitraha sy amboaran'ny AME 2021.

fa tsy ho taran'ny fiandohan'ny volana Marsa iny hoy ny mpikaraka.

**Misy Sokajy 14**

Ankoatra izay dia misy sokajy 14 ireo izay hisafidianan'ny mpankafy sy mpijery ka ireo izay mahazo ny "reaction" sy safidy betsaka indrindra isaky ny sokajy no hahazo ny amboara. Sokajy "urban music", Sokajy, "dance cover", Sokajy, seho antsehatra ara-pilazantsara-2022, Sokajy, choral, Sokajy fiankohofana nalaina antsehatra, Sokajy rakin-tsary (meilleur clip evangelique-scenario, realisation, qualité, message), Sokajy "variétés evangelique", Sokajy fanandratana sy fiankohofana-(praise), Sokajy "artiste revelation evangelique 2022", Sokajy, "gospel", Sokajy fiderana mafana (generation-2), Sokajy fiderana mafana (generation-1). Mbola mitohy ny fisafidianana an-jotra ao amin'ny pejy fesibokin'ny "AME" ka safidy iray isaky ny pejy fesiboky iray ihany. Ho fantatra mandritra ity Awrds Music Evangelique ity ihany koa izay mpanakanto ara-pilazantsara mendrika ny taona 2022 izay tena andarasan'ny maro tokoa. Marihana fa ny taon-dasa dia tonga nanotrona ny fizarana amboara ho an'ireo mendrika izany ny Minisiteran'ny tanora

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Aza dodona sy maika fa ny zava-tena raitra dia mitaky ora sy fotoana ary vina maty paika, hahafahany mitombo sy mba hiroborobo."

**Ny Vetso (03. 07. 15)**

("Don't try to rush. Great things need time to grow. ")

Artista vahiny

# Mandalo eto amintsika i Garou

Tonga mitsidika an'i Madagasikara ankehitriny ilay mpanakanto malaza Pierre Garand, fantatra amin'ny anarana hoe Garou. Any Morondava izy amin'izao fotoana izao, araka ny vaovao miely amin'ny fesiboky. Ny Senatera teo aloha, Naika Eliane no mamoaka ny sarin'i Garou ao amin'ny hotely iray any an-toerana ao amin'ny pejiny ary milaza fa ao Morondava i Garou. Mbola tsy fantatra hoe hafiriana izy no hitoetra ao, ary mbola hitety faritra hafa ve ? Morondava izay akaikin'ny Tsingin'i Bemaraha, ka azo antoka fa ao anatin'ny programany. Iaraha-mahalala rahateo fa anisan'ny vakoka iraisam-pirenen'ny Unesco ny Tsingy ao Bemaraha ao. Ny zava-dehibe aloha, efa mahasarika olomalaza ity Nosintsika ity, ka antenaina fa ho tratra ny tanjona araka ny nambaran'ny Ministeran'ny Fizahantany. Tafiditra ao anatin'ireo Firenena mahasarika mpizahantany i Madagasikara manomboka amin'ity taona ity. Raha ny zavanisy hatramin'izay, tsy vao sambany no nisy olomalaza sy kintana manerantany toa izao nandalo teto amintsika fa efa maro. Any Nosy Be na Anakao na Ankao ireny no matetika handrenesana izany.

**Fy**

Taka Andrianavalona

# Hanolotra ny "bemiray" etsy amin'ny Is'art Galerie

Manome fotoana ho an'ny rehetra etsy amin'ny Is'art Galerie indray i Taka Andrianavalona manomboka ny 6 marsa izao anatin'ilay fampirantina "Bemiray" izay ho ataony. Mpanao hosodoko,asa-tanana,mpanao kisarisary, ireo afaka hamaritana an'i Taka Andrianavalona avokoa. Efa maro ny olona mahafantatra azy, izy rahateo efa nanao fampirantina maro be talohan'an'izao fampirantina ataony izao. Amin'izao,efa manomakomana izany fampirantina ho ataony ao amin'iny Is'art izany izy,nisy ny fampahafantarana mialoha izay nataony tamin'ny rehetra ary dia nasainy nijery sahady ireo zava-bitany ireo olona nantsoiny. Nandritra izany koa no nifanakalozany sy nifampiresahany mahakasika ireo asa-tanany ireo. Manana tabilao maromaro izy ho aseho amin'io hetsika bemiray io. Tabilao izay samy maroloko avokoa ary ahitàna kisarisary . Tsy miala hatrany amin'ny fanehoana ny maha Malagasy azy izy ao anatin'izany,asehony tokoa fa na faritra maro aza no misy eto Madagasikara dia mitambatra amin'ny firenena iray ihany isika rehetra. Tsy manakana antsika ho Malagasy mihitsy izay fiaviana misy. Izay no nampiasainy loko maro be mitambatra amin'ny tabilao iray. Fa etsy andanin'izay koa dia te hanintona ny mason'ny olona rehetra ihany koa izy satria tsara ny manamarika fa karazan'olona maro no afaka mijery izany ary anisan'izany ny ankizy kely izay tia sary milokoloko. Miresaka ity farany dia tsara koa ny mampatsiahy fa misokatra ho an'ny rehetra ny fampirantina amin'ny volana marsa io ary dieny izao dia efa azo ataon'ireo fikambanana na sekoly na orinasa atao ny mamandrika daty raha ohatra ka maniry ny mba hanao fitsidihana izany manokana izy ireo.

**Tanya.R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* MM Feno. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, TV, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-16)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kilalao, vy, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 470/10-7)

* Lamba, kiraro, machine, bisikileta, fanaka, poketra, cahier, debara. M. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-5)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-3)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 478/5-3)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 482/10-3)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 473/7-6)

* Vidange wc & puisard, construct°, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 483/7-1)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, puisard, réparation, réhabilitation. Tél : 038.42.629.39 / 033.15.941.80. (G-BA 476/20-4)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 033.03.487.21. (G-BA 481/10-3)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA479/20-3)

Tsiroanomandidy

# Fatin-dehilahy iray rakotra tsatok'antsy

Tranga nampivarahontsana no niseho tao amin'ny fokontany Antsahavola Bory Bepoka kaominina Mahatsinjo, distrikan'i Tsiroanomandidy, omaly. Lehilahy iray no hita faty rakotra tsatoka antsy. Tao antranony ihany no nahitana ny razana, izay tsy fantatra izay nahavanona ny loza. Lehilahy sahabo ho 50 taona izy io, hita mivalampatra mitsilany miakanjo "tee-shirt" volom-parasy, pataloha manga mihosindrà, feno dian'antsy enina ny vatany. Roa ny lavaka teo amin'ny fony, roa eo amin'ny kibony, iray eo amin'ny tendany ary iray eo amin'ny lohany. Araka ny fizahana natao dia dian' antsy roa teo amin'ny fony no nitarika ny fahafatesany ka efa maty 14 ora talohan' ny nahitana azy ilay namoy ny ainy. Tonga teny antoerana nanao ny fanadihadiana ny zandary. *« Araka ny fantatra dia izy irery no tao an-trano izay eo amin' ny 3 kilometatra miala Bory Bepoka fa ny vady amanjanany nandeha any Antananarivo. Tsy maintsy hanaovana famotorana lalina ny manodidina ny niharamboina hampivoaka ny anton'ny famonoana sy hisamborana izay nahavanon-doza"* : hoy ny loharanom-baovao avy amin' ireo mpitandro ny filaminana. Efa natolotra ny fianakaviana ny razana. Ny zana-tobim-paritry Mahatsinjo no miandraikitra ny fikarohana sy ny tohin'ny famotorana.

**Ariel D.**

Orinasa sinoa mpanafatra entana

# Tsy nisy tafavoaka eny amin'ny seranan-tsambo ny kaontenera

Mpanjifa maro nanafatra entana avy any "chine" no diso fanantenana tanteraka. Mitaraina izy ireo ny amin'ny afitsoky ny orinasa "MaGlott", izay mpanafatra ireo entana ireo. Tsy nisy tafavoaka ny kaontenera kanefa efa ao amin'ny seranan-tsambon' ny Toamasina. Efa 7 volana izao no niandrasana saingy toa mahita olana hatrany ilay orinasa. *"Tsy misy idiran'ny fadintseranana ilay izy satria efa nisy "note" nivoaka. Hatramin'izao anefa tsy tafavoaka ireo entana ireo. Rehefa nanontaniana ny "Maglot" dia tsy nahafapo ny valiteniny fa manao herinandro lava. Olana be, satria efa tamin'ny janoary izahay no nakana vola mba hamoahana ireo entana ireo. Izany no nolazaina fa olana ary samy nandoa vola izahay. Nisy ny nandoa nisy kosa ny tsy nandoa. Tsy nahitam-bokany anefa izany. Raha 450 dolara ny fret dia lasa 750 dollar. Tsy mbola tafavoaka ihany anefa mandraka androany. Noho io dia voatery manao izao fitarainana izao izahay »*: hoy ny mpanjifa , izay saika mpandraharaha madinika avokoa ny ankamaroan'izy ireo. Fantiantoka goavana ireto farany. Efa 7 volana tsy miasa ary misy amin'ireo entana ireo no efa tsy azo amidy intsony. Tsy mihodina ny vola kanefa ny hofantrano mandeha ihany ho an'ireto mpivarotra sasany ary misy nindram-bola amin' ny banky mihitsy.



**Ireo solotenan'ny mpandraharaha manana kaontenera tsy tafavoaka ao amin'ny seranan-tsambo.**

**Kaontenera 14**

*"Samy manana ny fahavoazany izahay fa tsy mitovy ilay zava-misy. Ho ahy manokana entana tokony ho tonga tamin'ny 2 volana alohan'ilay nanafarana azy kanefa hatramin'izao tsy tafavoaka »* hoy ramatoa iray izay anisany lasibatra. Betsaka ireo mpandraharaha lasibatr'ity tranga ity, izay tafakatra 200 mahery any ho any. Kaontenera 14 tavela ao amin'ny seranantsambo Toamasina, ary mizarazara ireo entana ireo. Efa nanaiky izahay ny fandaminana kanefa tsy misy vokany. Noho io dia manao antso avo amin'ny fitondram-panjakana ireto mpandraharaha ireto. Araka ny angom-baovao avy amin' ireto mpandraharaha hatrany dia voalaza fa manana trosa betsaka amin'ny fanjakana ny orinasa "MaGlott". Andrasana araka izany ny tohiny satria raha ny "*transitaire*" dia tokony tsy hanana fahefana hanageja entan' olona toy izao.

**Ariel D.**

Ambohimanarina

# Nosavaina ireo mpandeha taxibe, noraisim-potsiny ireo mpangarom-paosy

Tra-tehaka tany amin'ireo mpangaro-paosy ny finday nangalariny rehefa nosavaina avokoa ireo mpandeha tao anaty taxibe teny Ambohimanarina. Araka ny fanazavana, telefaonina an-dramatoa iray anisan'ny mpandeha tao anatin'ny fiara fitateram-bahoaka zotra 114 no tratra tany amin'ireo lehilahy roa mpangarom-paosy. Niditra tao anatin'io taxibe io ireo mpanendaka ary nipetraka toy ny mpandeha rehetra tao anaty fiara. Tao anefa dia nangaroniny ny paosin' ilay ramatoa ka azony ny findainy. Rehefa nahafantatra ny zavatra very ilay ramatoa ka nahita polisy avy eo dia nidina avy hatrany ary nampandre an'io mpitandro filaminana io mikasika ilay finday very tao anaty taxibe. Nandray ny andraikiny ilay polisy ka nanajanona ilay fiara ary rehefa nosavaina avokoa ny mpandeha tao dia hita tany amin-dry zalahy ilay finday ary nosamborina ireo mpangarom-paosy ireo. Fantatra fa ao anatin'ireo taxibe zotra 114 sy 194 no tena fanaovan-dry zalahy ny asa ratsiny. Mbola nahitana fitaovana fitsindromana rongony niaraka tamina potik'io zava-mahadomelina io ihany koa teny amin'izy ireo.

**T.H**

Belo Tsiribihina

# Lehilahy manao cash point maty voatifitry ny jiolahy



Nirefotra ny basy tany amin'ny fokontany anatin'ny kaominina Ankalalobe any amin'ny distrikan'i Belo Tsiribihina ny faran'ny herinandro lasa teo. Nisehoana fanafihan-jiolahy nahafatesan'olona tany an-toerana tamin'io fotoana io. Lehilahy iray tokony ho 26 taona nitana cash point no maty voatifitry ny jiolahy. Araka ny vaovao voaray dia andian-jiolahy nirongo fitaovam-piadiana toy ny basy no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany antoerana. Niditra tao amin'ilay cash point izy ireo ary tsy nanampo na inona na inona mihitsy ilay lehilahy tao anatiny. Tsitapitapitr'izay anefa dia nandrahona tamin'ilay fitaovam-piadiana nentiny tamin'ilay lehilahy ity. Olondratsy sady nitaky ny hamoahana ny vola rehetra tao ihany koa ka omena an-dry zalahy. Tsy fantatra mazava izay zava-niseho nandritra izany fa tsy nisalasala ireo mpanafika namoaka ny basiny ary nitifitra ity lehilahy ity. Voamafy araka izany ity farany. Nijininika ny rà ary noho ny ratra mafy nahazo azy dia nitarika ny fahafatesany izany. Lasa nandeha nitsoaka ireo jiolahy rehefa azony izay nilainy. Nitangorona nijery ny zava-nitranga ny olona. Efa tonga nidina ifotony tany an-toerana ihany koa ny tomponandraikitra rehefa nahafantatra ny zava-niseho. Efa nentina tany Belo Tsiribihina ny razana taorian'izay.

**T.H**

Fanafihan-dahalo

# Mpanara-dia iray maty voatifitra

Lehilahy iray anisan'ireo mpanara-dia omby very tao anatin'ny fokonolona no maty voatifitry ny dahalo ny alin'ny sabotsy lasa teo tany amin'ny tanàna iray ao anatin'ny kaominina Tsimafana any amin'ny distrikan'i Belo Tsiribihina. Araka ny fanazavana dia nisy fanafihan-dahalo tany an-toerana tamin'io alina io. Ny marimarina kokoa dia halatra omby an-tsokosoko no nitranga. Tonga avy any ireo olon-dratsy avy dia namantana tany amin'ny toerana misy ireo omby. Niditra moramora tao izy ireo ary navoakany tsikelikely ireo omby. Fantatra fa omby miisa 12 no lasan'ireo dahalo tamin'izany. Tsy nisy nahitana mihitsy ny nanatanterahan-dry zalahy io halatra omby io. Ny tompon' omby taitra ny sasakalin'io no gaga rehefa nijery ka tsy nahita ireo omby tao amin'ny toerany tsy nisy azy intsony. Nanaitra ny fokonolona avy hatrany izy. Nivoaka ny rehetra ary nisy avy hatrany ny fanarahan-dia nataon'izy ireo. Tany am-panarahan-dia tany anefa no nifanehatra tamin'ireo dahalo izy ireo. Nifankahatratra mantsy ny roa tonta ka nandritra izany no nahavoatifitra ity lehilahy iray anisan'ireo nanara-dia ity ka maty vokatr'izany izy. Nanoloana izany, tsy nanohy ny diany nanara-dia intsony aloha ireo fokonolona fa niverin-dalana izy ireo nitondra ilay lehilahy voatifitra tamin'io alina io.

**T.H**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Firy ?**




## Hatsikana an-tsary

**Mpiambin-trano**




## Masoandro Miposaka

**I Petera 1 : 13-14**

Koa amin'izany sikino ny sainareo, dia mahonona tena, ka antenao tsara ny fahasoavana izay ho entina ho anareo amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy ;
tahaka ny zanaka manoa, tsy mitondra tena araka ny filanareo fahiny tamin'ny tsi-fahalalanareo;

## Indray mipika





**Nanatontosa ny pejy**

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Lafim-bato, vato ; lafin-kazo, hazo ; lafin-kavana, havana.**

La pierre vient de la pierre ; le bois vient du bois ; les hommes viennent de leur parenté.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2886

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 4 | | 1 | | | | 2 |
| | | 6 | | | 8 | | 9 | 1 |
| 2 | | | | | | | | 8 |
| | 5 | | | 9 | | | 3 | |
| | 9 | | 2 | 3 | | 7 | | |
| | | | 5 | | | 9 | | |
| | | | | 6 | | | | |
| 6 | | | | | | 8 | 5 | 7 |
| | 1 | | | | | | 6 | |

Valin'ny laharana 2884

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 7 | 4 | 5 | 9 | 1 | 6 | 3 | 8 |
| 9 | 1 | 8 | 4 | 6 | 3 | 5 | 7 | 2 |
| 5 | 3 | 6 | 2 | 8 | 7 | 4 | 9 | 1 |
| 3 | 8 | 5 | 7 | 2 | 9 | 1 | 6 | 4 |
| 4 | 6 | 9 | 3 | 1 | 5 | 2 | 8 | 7 |
| 7 | 2 | 1 | 8 | 4 | 6 | 9 | 5 | 3 |
| 1 | 4 | 3 | 6 | 5 | 8 | 7 | 2 | 9 |
| 6 | 9 | 7 | 1 | 3 | 2 | 8 | 4 | 5 |
| 8 | 5 | 2 | 9 | 7 | 4 | 3 | 1 | 6 |

Governemanta

# Minisitra valo vaovao no voatendry

*Efa nampoizina ny tsy maintsy hisian'ny fanovana ireo mpikamban'ny governemanta tahaka izao.*

Tonga ny nandrasana ! Niroso tamin'ny fanovana ny ampahany tamin'ireo mpikamban'ny governemanta ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina sy ny Praiminisitra Lehiben'ny governemanta Ntsay Christian. Omaly hariva tamin'ny 6 ora no nanambarana izany teny amin'ny Lapampanjakana Ambohitsorohitra. Araka ny didim-panjakana laharana 2023-165 izay novakian'ny Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika Rtoa Pelandroy Espérance teny an-toerana, dia Minisitra valo vaovao no voatendry handray ny toerany. Tafiditra ao anatin' izany ny minisitry ny Fiarovam-pirenena ny Général de Division Rakotoarijaona Josoa ; ny minisitry ny Raharaham-bahiny Rtoa Yvette Sylla, ny Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana minisitry ny Fitsarana Rtoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana ; ny minisitry ny Asam-panjakana, Fampananana Asa, Atoa Rivotiana Richard Jean Bosco ; ny minisitry ny Asa Vaventy, Colonel Ndriamihaja Randrianatrehana ; ny minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr' andro Atoa Ramonjavelo Valéry ; ny minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo Atoa Andriamanampisoa Soloniaina ; ny minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Atoa Resampa Haja André. Ankoatra ireo, dia saika voatazona amin'ny toerany avokoa ireo - hafa ambiny.

**Mpanao politika sy teknisiana**

Raha jerena maimaika ireo olona voantendry, dia sady ahitana mpanao politika no olona teknisiana. Misy amin' izy ireo no efa nitazona ny toeran'ny minisitra teo aloha, misy Senatera ary depiote. Roa no efa nitana ny andraikitry ny Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika teo aloha. Tsy maintsy nisaorana sy nofenoina araka izany ny banga mandrafitra ity governemanta vaovao ity. Voakasik' izany Atoa sy Rtoa isany ny Jeneraly Rakotonirina Léon Richard, Rakotozafy François, Ranjatoelina Rolland, Ranampy Gisèle, Hatrefindrazana Jerry, Ramaroson Andry, ary Tinoka Roberto Rahararilala. Asa goavana no miandry ireto mpikamban'ny governemanta vao notendrena ireto. Ny akaiky indrindra amin'izany ny fiatrehana ny rivodoza Freddy izay ho tonga anio alina na rahampitso, ary ny fanomanana ny fifidianana izay ho Filoham-pirenena.

**JUDD**

Fifidianana filohan'ny Repoblika

# Kandidà faha-4 nanao fanambarana ny depiote Masy Goulamaly

Ao anatin'ny fanomanana ny filatsahan-kofidiany ho isan'ny mpifaninana amin' ny fifidianana Filoham-pirenena, hotanterahina amin' ny volana novambra 2023 izao ihany koa ny depiote Masy Goulamaly Marie Jeanne d'Arc. Omaly, nanambara teo imason'ny SADC ity solombavambahoaka voafidy tany Tsihombe ity fa raha toa ka tsy misy vehivavy sahy hirotsaka hofidina ho Filoham-pirenena, dia tsy maintsy hiroso amin' izany ny tenany, na dia hitondra ny hetahetan'ireo vehivavy Malagasy ihany aza. Kandida ho filohampirenena faha-4 nanao fanambarana araka izany ny depiote Masy Goulamaly, taorian-dry Marc Ravalomanana sy Paraina Auguste ary Gérard Andrialemirovason. Miohatra amin'ireo mpanao pôlitika hafa efa nanambara ny fahavononany ho isan'ny mpifaninana dia azo lazaina ho vaovao sady tsy be mpahalala i Masy Goulamaly Marie Jeanne d'Arc. Na izany na tsy izany, marihana fa Filoha Lefitry Vaomiera GEWAYD anatin' ny vondrona "Forum Parlementaire de la SADC", izay misahana ny miralenta, ny fampiroboroboana ny vehivavy ary ny fampivoarana ny tanora ny tenany amin' izao fotoana izao. Izy ihany koa, raha tsiahivina no nanolotra ilay tolo-dalàna mikasika ny fanalan-jaza noho ny antony ara-pahasalamana (ITG).



**Mamy R.**

Horonam-peo mahavoatonona olobe

# Misy mpitsara voatonontonona, andrasana izay hambaran'ny CSM

Efa andro maromaro izao no niparitaka teny amin'ny tambazotra sôsialy ny horonam-peo mahavoatonontonona mpandraharahan'ny fonja; mpitsara; loholona ; tompon'andraikitra ambony ao amin'ny fitsarana navokan'ny voafonja tazonina etsy Antanimora. Raharaha iresahana ihany koa vola miliara, ahiahiana ho kolikoly avo lenta, indrindra ilay ramatoa takiana vola, sandan'ny ahafahany mivoaka ny fonjan'Antanimora mihitsy no mijoro vavolombelona ao anatin'ilay horonam-peo. Manoloana ny fisian'ny mpitsara voatonontonona dia andrasana izay hambaran'ny Filan-kevitra Ambonin'ny Mpitsara izay manana andraikitra manaramaso ny fitondran-tenan'ny mpitsara sy ny fanajany ny lalàna sy ny sata mifehy ny mpitsara, eo am-panatanterahana ny andraikiny. Filankevitra afaka manasazy ihany koa, raha toa ka voamarina ny fisian'ny fandikan-dalàna. Manoloana ny resaka miliara voatonontonona ao anatin'ilay horonam-peo efa miparitaka dia andrasana ihany koa ny fanokafana fanadihadiana tokony hataon'ny sampandraharaha napetraka manokana hanara-maso ny fisian'ny kolikoly. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa somary mampametrapanontaniana ny fotoana hamoahana ilay horonampeo izay mifanandrify indrindra amin'ny fotoana iandrasana ny fanendrena izay ho mpikambana vaovao ao amin'ny governemanta. Fifandrifian-javatra ve misy manana tombontsoa amin'izany. Toa mampahatsiahy ny horonam-peo naparitaka, tamin'ny fotoan' androny, voatery tsy maintsy nanalàna tamin'ny toerany ny minisitry ny Fitsarana teo aloha, Imbiky Herilaza.

**V.R.**

# Marina izany !

## Very hasina !

**Tsy mitsahatry ny miharatsy ny fandriampahalemana eto, tsy anavahana na an-drenivohitra na an-drenivohitra. Saika isan'andro no andrenesana na ahitana sary mirakitra fanafihana na vonoan'olona amin'ny fomba feno habibiana amin'ny fampahalalam-baovao. Zary efa mahazatra ny sofina sy ny mason-dRamalagasy ny mahita mivantana na amin'ny alalan'ny sary olona miampatra na mihoson-dra na dia mampihoronkoditra aza izy ireny. Vao tsy ela akory ohatra no niparitaka teny amin'ny tambajotra sôsialy ny sary mirakitra lehilahy mitazona lohan'olona avy notapahana tamin'ny vatany, manoloana ny mpitandro filaminana, rehefa voasambotra itsy frany izay ahiahiana. Tsy resahina intsony ny vono olona mandritra ny fanafihana, indrindra mampiasa basy ny ankamaroan'ny olon-dratsy. Toy izany koa ny fahitana olona maty tampoka eny an-dalana, matetika vokatry ny hanoanana na ny aretina. Na misy aza anefa ny azon'ny olona atao amin'ny famonjena dia matetika mijery fotsiny ny ankamaroany. Trangan-javatra ilazana fa manomboka very hasina amin'ny Malagasy ny aina. Tsy mampaninona ny Malagasy sasantsasany intsony mantsy izao ny mandatsa-drà sy ny maningotra ain'olona, noho ny tombontsoa na ny fankahalana diso tafahoatra, eny mety ho resaka fiarovan'olona na fiarovan-tseza ihany koa. Samy nahatsiaro ilay zaza tsy manan-tsiny novonoina tamin'ny fomba feno habibiana, tetsy Andavamamba ohatra ny mpanarabaovao. Tsy mbola voalohany na farany iny satria andro vitsivitsy dia olon-dehibe iray indray no lasibatra. N'inon'inona mety ho antony dia heverina fa fotoana izao tokony handraisana andraikitra, dieny mbola tsy tara, hitaizana mba hafa noho izany no ho tahafin'ny faramandimby!**

Voahangy Rakotozafy

Fehezan-dalàna momba ny fahasalamana

# Efa nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana

Ny fampiharana sisa ! Efa nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana tamin'ny volana janoary teo ilay fehezan-dalàna momba ny fahasalamana. Ny depiote Voninahitsy Jean Eugène no nanolotra azy ary efa lany teo anivon'ny Parlemanta roa tonta. Ny andalana faha-4 faha-5 ary faha-6 ao amin'ny andininy faha-202 mahakasika ny lalàna mifehy ny fahasalamana no nasiam-panovana. Voasoritra tamin'ireo andininy teo aloha ny fialan'ny tobim-panafody na ny « dépôts des médicaments » amin'ny toerana misy azy ireo rehefa tonga ny toeram-pivarotam-panafody « *Tsapa fa tsy manao ambanin-javatra ny fahasalamam-bahoka ireo parlemantera nampandany ny fehezan-dalàna momba ny fahasalamana* », hoy Atoa Razafimanantsoa Nandrianina, Filoha nasionalin'ny vondron'ny tobim-panafody matihanina eto Madagasikara na ny GPro DMM. Mbola ireo tobim-panafody ihany mantsy no mahenika ny Nosy.

**JUDD**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Alaotra Mangoro

# Tafakatra 2 000 Ar ny kilaon'ny vary akotry

*Mangataka tohana amin'ny fahazoana zezika sy famatsiam-bola ireo tantsaha.*




**Anisan'ireo nisitraka ny zezika "Sulfate d'ammonium" avy amin'Ambatovy ny Federasiona Tsaravohi Tapany Atsimo.**

Mandalo krizy ny sompitry ny vary eto Madagasikara. *"Efa 2 000 Ariary ny kilaon' ny vary akotry aty aminay. Ny olan'ny tantsaha aty dia amin'ny fotoana fiakaran'ny vokatra no mora ny vidimbary. Manomboka amin'ny 1 200 Ariary ny vidiny hamarotan'ny tantsaha azy, kanefa efa tsy aty amin'ny tantsaha intsony ny vokatra amin'ny fotoana mampikatra ny vidiny 2 000 Ariary fa efa any amin'ireo mpanambola. Voa mafy ny tsantsaha mpamokatra ary eo indrindra no tokony hijerena ny fomba hanohanana anay mba tsy handefa ny vary amin'ny vidiny mora."*, hoy Randriamahazo Herisoa Jean Noely, tantsaha mpamboly vary mivondrona ao anatin'ny Federasiona Tsaravohi Tapany Atsimo ao anatin'ny distrikan'Amparafaravola, faritra Alaotra Mangoro. Tsy ireo tantsaha mpamokatra araka izany no misitraka ny fiakaran'ny vidin'ny vary fa ireo mpanangom-bokatra mpanao bizina. Anisan'ny fanampiana angatahan'ireo tantsaha mpamboly ao amin'ity faritra ity ny hanomezana tohana azy ireo mba tsy hivarotra ny vary amin'ny vidiny mora toy ny fanomezan'ny fanjakana zezika mifanaraka amin'ny filàn'ny tantsaha ary ny fanjakana ihany avy eo no manao ny fanangonam-bokatra rehefa miakatra ny vidiny. Eo koa ny fangatahan'izy ireo famatsiam-bola eo amin'ity sehatra ity, satria tsy mahavaly 100 isanjato ny filàn' ireo tantsaha ny fampindramam-bola ataon'ireo ivontoerana mpampindrambola madinika eny ifotony. Miakatra vokatr'izany ny vidin'ny vary amin'ny faritra maro manerana ny Nosy. Ny eto Antananarivo Renivohitra ohatra dia efa tonga hatrany amin'ny 3 250 Ariary ny kilaon'ny vary Makalioka sy vary Gasy.

**R. Muray**

Rivodoza Freddy - Faritra Atsinanana

# Miato ny fampianarana, mijanona ny zotra nasionaly sy rezionaly

"Izay tsara fiomanana rahateo tsy tampohin'ny loza". Mba hampihena ny fiantraikan'ny loza sy hisorohana amin'ny famoizana aina, namoaka fanambarana ny faritra Atsinanana, Itasy, Matsiatra Ambony, Fitovinany fa miato manomboka anio ny fanabeazana any amin'izy ireo hatramin'ny zoma. Voakasik'izany daholo ireo distrika rehetra ao anatin'ireo faritra voalaza ireo. Mijanona ihany koa ny fifamoivoizan'ireo zotra nasionaly sy rezionaly rehetra manomboka anio amin' ny 12 ora antoandro hatramin'ny alakamisy maraina ho an'ny faritra Matsiatra Ambony. Ho an'ny faritra Atsinanana kosa, efa tsy azo ampiasaina ifamezivezena amin'ny fitaterana amin'ny lakandranon'i Pangalana sy ny fifamoivoizana an-dranomasina. Ferana amin'ny 12 ora ny fepotoana fiaingana farany ho an'ny zotra mihazo ny RN11A izany hoe mampitohy an'i Mahanoro, Vatomandry, Brickaville. Miankina amin'izay fanapahakevitra avy ao amin'ny ministeran'ny fitaterana kosa ny zotra nasionaly RN2 noho izy io mampifandray faritra maro.

Omaly tamin'ny 3 ora, tany amin'ny 963 Km atsinanana somary avaratra atsinanan'i Mananjary ny foiben'i Freddy. Mikisaka haingana miakandrefana somary atsimo andrefana izy ka mahafaka 35 Km isan'ora. Nihena ny heriny ka lasa rivodoza mahery vaika i Freddy izany hoe mitondra rivotra 200km isan'ora ary arahina tafiotra 280km isan'ora. Anio talata alina no hiditra an-tanety eo anelanelan'i Mahanoro sy Manakara ary aorian'ny fidirany an-tanety dia hamakivaky ny afovoan-tany i Freddy mandritra ny alina ary tombanana hivoaka any amin'ny Lakandranon'i Mozambika ao amin'ny faritra Menabe na Atsimo andrefana ny Alarobia tolakandro. Hikija ny orana izay maherin'ny 200mm manodidina ny faritra hidirany ary hahery be na hisamonta ny ranomasina izay maherin'ny 10m noho ny alon-drano. Tamin'ny ora nanoratanay, mahazo filazana loza manambana I Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Matsiatra ambony, Ihorombe ary Anosibe an' ala. Filazana miloko maitso kosa ho an'Analamanga, Itasy, Menabe, Moramanga, Morombe, Sakaraha ary Toliara I sy II.

**Nath**

RN2- Maromizaha

# Nitohana nandritra 15 ora mahery ireo fiara marobe

Nitohana nandritra ny 15 ora mahery ireo fiara marobe izay tsy maintsy nandalo an'i Maromizaha miala kely an'i Marovoalavo amin'iny RN2 ny alahady teo. *"Efa ny sabotsy alina izahay no natory teto ary hatramin'izao alahady tolakandro teo. Ny olana dia noho ny fisiana kamiao efatra samy maty tsy velona motera, nefa ny andro alina ka mibahana ny lalana izay tokony handalovan'ny fiara avy Antananarivo ho any Toamasina ary ny avy any Atsinanana hiakatra ny Renivohitra"*, hoy Atoa Faly, mpamily fiara nitondra mpandeha hiakatra aty Antananarivo taminay. Efa nifanjohy sy nanao laharana hatrany amin'ny kilometatra maro avokoa ireo fiara niandry izay fandaminana napetraky ny mpitandro filaminana. Nivaha tsikelikely ihany ity olana ity rehefa nisy kamiao roa velona kanefa teo amin'ny fahamaikan'ny fiara rehetra samy te-handeha noho ny fiatoana nandritra ny ora maro no saika nampisy fifamaliana indray.

**Fanararaotana**

"Tena efa mahantra ve ny Malagasy ka lasa misy fanararaotana raha vao misy fomba ahafahana mitaky vola dia atao izany? Rehefa nandeha ny fifamoivoizana dia nanakana an' ireo fiara rehetra izay nandalo indray ireo vatandehilahy izay nanampy an' ireo kamiao ka nahavelona an'izany. Izy ireo izay nilaza fa raha tsy nisy ny fanampiana nataon'izy ireo dia tsy nisy fiara afaka nandeha teo ka mba tokony samy hanome vola 200 Ar avy izay fiara rehetra nandalo", hoy kosa Atoa Andry izay mpamily ihany. Tena manakana ny lalana handehanan' ny fiara rehetra ireo olona nitaky vola tamin'izany ka nisy no nanome ary nisy kosa no nandalo ihany. Efa niverina amin'ny laoniny ny fifamoivoizana teo amin'io toerana io ny alahady hariva teo sy omaly alatsinainy. Ny tsikaritray koa teny andalana dia maromaro ihany koa ireo kamiao izay maty an-dalana ka tsy maintsy mijanona eny amoron'arabe aloha miandry mpanamboatra na voatery miandry piesy. Saika olana arateknika amin'ny fiara no antony mahatonga izany raha ny fanazavana azonay tamin'ireo mpamily vitsivitsy.

**HAR**

Fahaizana tenim-pirenena maro

# Iankinan'ny fampandrosoana hoy ny Esum

Dieny mbola kely, mila zarina sy ampianarina tenimpirenena maro ny ankizy. Ny hoaviny iray manontolo mantsy miankina amin'izay fahaizany izay. Eto Madagasikara, miasa betsaka ankoatran'ny fiteny Malagasy ny fiteny frantsay ary io fiteny frantsay io aza mbola iarahan'ny rehetra mahita fa mbola marobe no tsy mahafehy azy araka ny tokony ho izy. Vao mivoaka any am-pitandranomasina indray, ny fiteny anglisy no tena fampiasan'ny olona. Araka ny fanazavan'i Davida Olivaniaina Rakoto, recteur an'ny sekoly ambony Esum raha nitafa tamin'ny mpanao gazety : *"Sakana tsy mampandroso firenena iray ny tsy fahaizana tenim-pirenena. Mba hivoarana, misy ny karazana tolotra arosonay ao amin'ny Esum hahaizan'ny tanora sy izay rehetra maniry hahay fitenim-pirenena toy ny frantsay, anglisy, allemand, mandarin, espagniol, Italien ao anatin'ny 1 volana monja kanefa hahafehezana izay fitenim-pirenena mifanaraka amin'ny zavatra atao."* Ankoatran'izay, afaka mampitombo fahaizana sy fikarohana ihany koa izay mahay tenim-pirenena hafa. Fototra iray mampandroso firenena iray ny fizahantany izay mitaky fahaiza-manao sy fiteny maro ihany koa. Miainga amin'ny fahaizana tenim-pirenena ihany koa ny fifanakalozana kolontsaina eo amin'ny firenena samihafa. Hanomboka amin'ny volana martsa ny fiofanana izay haharitra 32 ora ary hibahan-toerana kokoa ny fampiarana fianarana miteny.

**Nath**

Unicef

# Nanolotra Drone sy solosaina ho an'ny BNGRC

Mba hahafahana miasa avy hatrany aorian'ny fandalovan'ny rivodoza, nanolotra drone 3 miaraka amin'ny kojakoja ilaina rehetra sy solosaina efa misy rindrambaiko mifanaraka amin'ny filanan'ny BNGRC ny Unicef. Mitentina 40 000 dolara ny saran'izany fanomezana izany ary Gilles Chevalier, tomponandraikitra eo anivon'ny Unicef, no tonga nanolotra izany teny amin'ny foiben'ny BNGRC omaly. Araka ny fanazavan'ny Gal Elack, tale jeneralin'ny BNGRC, tena ilaina ireto fanomezana ireo mba hahafantarana ny zavamisy any amin'ireo toerana saro-dalana. Mila fantatra daholo mantsy ny toe-java-misy any amin'ireo toerana lalovan'ny rivodoza. Hatreto, manana drone 10 ny BNGRC ary efa miasa daholo izy rehetra ireo. Ny solosaina kosa indray ampiasaina mba hahafahana mampiakatra ny antontan'isa rehetra misy any ifotony any. Tsy vao izao no nanampy ny BNGRC ny Unicef fa efa nisy hatry ny ela izany indrindra ao anatin'ny asa ny resaka hamehana sy fampihenana ny fiantraikan'ny loza.

**Takaitra Cheneso**

Rehefa misy rivodoza toy izao tokoa mantsy, misy ny asa mila atao maika mba hanampiana ireo traboina ao anatin'ny hamehana sy fampihenana ny fiatraikan'ny loza. Nandritra ny fandalovan'i Cheneso tokoa mantsy, araka ny fanazavan'i Jacky Rolland Randimbiarison, misy ny asa ataon'ny Unicef taorian'ny ranobe nentin'i Cheneso tany amin'ny faritra maro ka anisan'izany i Boeny. Niditra an-tsehatra tamin'ny resaka rano fidiovana sy fanadiovana izy ireo ka nanolotra citerne roa lehibe tao Maevatanana. Nisy ihany koa tolotra "kits wash" ho an'ny mponina 17 000 tany amin'ireo distrika 5 tratran'ny tondradrano tao Boeny ka anisan'izany i Ambato Boeny sy Marovoay. Nizara lay misy ody moka sy fanafody ampy olona 8000 mandritra ny telo volana ihany koa ny Unicef. Ankoatran'ny fizarana boky fianarana, mpianatra 7 500 nahazo fitaovam-pianarana. Tarpaulins 130 sy trano lay 20 no ho ampiasaina ho efitrano fianarana vonjimaika. Sahan'ny ankizy roa no napetraka mba hikarakarana ireo ankizy ary nisy fanampiana arapsikolojika ireo ankizy traboina.

**Nath**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 948 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Sosety asiana patsamena sy anamalao

*Zavatra ilaina* : sosety izay ampy ny ao an-trano, patsamena fahefa-kapoaka eo, menaka, sira.

*Fikarakarana* : Hafanaina ny menaka 1 sotro. Arotsaka ny patsa rehefa voadio tsara ... avela mendimendy, arotsaka ny tongolo oignon, ary avy eo arotsaka ny sosety. Tampohina rano kely ary avela ho masaka. Atao ketsaketsa. 5mn alohan'ny hibatana azy no arotsaka ny anamalao.